



LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA

MARS - AVRIL 2021

N° 014

EFA NIKODIA NY VATO: HAFATRA PASAKA 2021



" Ary rehefa afaka ny andro Sabata, dia lasa nividy zava-manitra Maria Magdalena sy Salome ary Maria, renin'i Jakoba, mba handeha hanosotra ny fatin'i Jesosy. Ary nony maraina koa tamin'ny voalohan'andro amin'ny herinandro, rehefa niposaka ny masoandro, dia nankany amin'ny fasana izy ireo. Ary niresaka hoe izy: Iza re no hanakodia ny vato ho afaka amin'ny varavaram-pasana hisolo

antsika? Fa nony nitraka izy, dia, indro, hitany fa efa voakodia niala ny vato; fa lehibe dia lehibe ny vato. Ary raha niditra tao anatin'ny fasana izy, dia nahita zatovo anankiray nipetraka teo amin'ny ankavanana niakanjo akanjo fotsy, dia talanjona izy. Fa hoy ilay zatovo taminy: Aza talanjona; mitady an'i Jesosy avy any Nazareta, izay

nohomboana tamin'ny hazofijaliana, hianareo; efa nitsangana Izy; tsy ato Izy; jereo fa teo no nametrahany Azy. Fa mandehana, lazao amin'ny mpianany sy Petera fa mialoha anareo ho any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo. Dia nivoaka izy ka lasa nandositra niala tamin'ny fasana, fa tora-kovitra sady talanjona izy; ary tsy mba nilaza na inona na inona tamin'olona izy, satria natahotra."

Faly miarahaba antsika nahatratra

izao andro Paska izao ry havana. Nitsangana ny Tompo, resy ny fahafatesana ilay fahavalon'ny zanak'olombelona rehetra na mino na tsy mino. Homen'ny Tompo antsika anie ilay hery nandreseny ny fahafatesana mba ho entintsika mandresy izay rehetra vato misakany ny fahasovan'Andriamanitra tsy ho tonga amintsika.



Ny Marka 16.1-8 no teny voalahatra ho antsika amin'izao andro Paska izao. Teny milaza ny amin'ireo vehivavy vavolombelon'ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty.

TSY ATO IZY FA EFA NITSANGANA

Inona no lohateny azo omena ity teny ity? Ny manitona avy hatrany eto dia izay lazain'ilay Zatovo eo amin'ny and 6 manao hoe: "**Tsy ato izy fa efa nitsangana**". Tsy azo lavina fa mahafehy ny lohahevitra

rehetra fonosin'ny Paska izany. Tsy ao am-pasana intsony Jesosy fa efa nitsangana. Ireto vehivavy ireto rahateo koa dia tonga teny am-pasana mba hitady an'i Jesosy izay efa hitany ny nahafatesany araka ny ao amin'ny Toko 15.40: "**Ary nisy vehivavy koa nitsinjo teny lavidavitra eny, ary isan'ireny Maria Magdalena sy Salome ary Maria, renin'i Jakoba kely sy Josey, 41izay nanaraka Azy**

ka nanompo Azy, fony Izy tany Galilia, mbamin'ny vehivavy maro koa izay niaraka taminy niakatra tany Jerosalema".

Vavolombelon'ny nahafatesany ireo vehivavy ireo ary tamin'ny fotoana nandevenana ny Tompo dia mbola valombelona teo koa izy ireo. Hoy mantsy ny and 47 amin'ny Toko 15 teo: "**Ary Maria**

Magdalena sy Maria, renin'i Josey, dia nijery izay nametrahany Azy".

Araka izany ry havana dia mety tokoa ny lohateny hoe: "**Tsy ato Izy fa efa nitsangana**". Mety ho an'ireo nahita ny nanombohana an'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana izany, nahita koa ny nahafatesany sy ny nandevenana Azy.

AZA TALANJONA; MITADY AN'I JESOSY AVY ANY NAZARETA....

TOHINY PEJY 2

EFA NIKODIA NY VATO

Mety mitovy amin'izany ihany koa ny hoe: "Aza talanjona; mitady an'i Jesosy avy any Nazareta...."

Ny antony dia satria efa in-telo ny Tompo no nilaza ny ahafatesany tamin'ny Mpianatra. Hoy ny ao amin'ny Marka 8.31: "Dia nampianatra azy Izy fa ny Zanak'olona tsy maintsy hijaly mafy ka holavin'ny lohola sy ny lohan'ny mpisorona ary ny mpanora-dalàna, dia hovonoiny, ary rehefa afaka hateloana, dia hitsangana indray Izy".

Toy izany koa ny ao amin'ny Marka 9.31: "Fa nampianatra ny mpianany Izy ka nanao taminy hoe: Ny Zanak'olona dia hatolotra eo antànan'ny olona ka hovonoiny; ary rehefa voavono Izy, dia hitsangana rehefa afaka hateloana."

Ary farany ao amin'ny Marka 10.32-33 dia mbola niteny indray Jesosy:

"Ary Jesosy sy ny mpianany dia teny an-dalana niakatra ho any Jerosalema, ary Jesosy nandeha eo alohany; dia gaga ny mpianany, ary izay nanaraka Azy dia natahotra. Ary naka ny roa ambin'ny folo lahy indray Izy, dia nilaza taminy izay efa hanjo Azy ka nanao hoe: Indro, miakatra ho any Jerosalema isika; ary ny Zanak'olona hatolotra ho amin'ireo lohan'ny mpisorona sy mpanora-dalàna; ary hohelohiny ho faty Izy ka hatolony amin'ny jentilisa; 34ary hanao Azy ho fihomehezana ireny sy handroa Azy sy hikapoka Azy ary hahafaty Azy; fa rehefa afaka hateloana, dia hitsangana indray Izy".

Efa in-telo ny Tompo no nampahafantatra izany kanefa tsy mba nisy na mpianatra iray akory aza nitaona ny namany nanao hoe efa afaka hateloana izao ka andeha isika hijery ny fasana ahitana ny

fahamarinana izay nolazain'ny Tompo.

EFA NIKODIA NY VATO

Tsara marihina koa anefa ry havana fa raha nandeha teny amin'ny fasana ireto olona ireto ny maraina ny andro voalohany dia efa nisy sary niraikitra tao am-pon'izy ireo sy nibahana tao an-tsainy dia ny sarin'i Jesosy efa maty sy nalevina ary voahidin'ny vato be tao anatin'ny fasana. Ary ny fanontaniana nipetraka tamin'izy telo mirahavavy mianaka dia tokana ihany ary voasoratra eo amin'ny and 2-3: «Ary nony maraina koa tamin'ny voalohan'andro amin'ny herinandro, rehefa niposaka ny masoandro, dia nankany amin'ny fasana izy ireo. Ary niresaka hoe izy: Iza re no hanakodia ny vato ho afaka amin'ny varavaram-pasana hisolo antsika?».

Arak'izany, ny vato no tena nanahirana

TOHINY PEJY 3



"SAINO NY ZAVATRA ANY AMBONY..."

Kolosiana 3:2a

1. «Koa raha niara-natsangana tamin'i Kristy ianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, izay mipetraka eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra.» (Kolosiana 3:1)

Velona ny Andriamanitra inoantsika. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy ary manasa antsika i Paoly Apostoly ny hiova fomba fijery. Ny hikatsaka ny zavatra any ambony. Tsy toerana fe toerana misandratra eny ambony na toerana avo indrindra, raha izay dia mba maro ihany ny toerana toy izany eto amin'izao tontolo izao, fa ilay "itoeran'i Kristy". Ilay toerana misy azy rehefa nitsangana tamin'ny maty ka niakatra ho any an-danitra Izy. Toerana "eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra". Eo amin'io toerana io no nandraisany sy ananany "ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany" (Matio 28:18).

Raha nitsangana tamin'ny maty i Lazarosy dia tena fahagagana tsy misy toy izany. Fa ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty dia tena fahagagana lavitra noho izany satria nitafy ary mitafy mandrakizay ny tsifahalovana Ny Tompo. Ny fahafatesana fahavalo farany no resy tanteraka tamin'ny nitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty. Fa i Lazarosy dia mbola maty ihany satria mbola nitafy ny fahalovana. Fa eto ny fandresena ny fahafatesana dia amin'ny fahafenoany tanteraka (défaite totale et entière de la mort).

Izany no anasana antsika kristiana, noho ny nitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty, ny hikatsaka ny zavatra any ambony. Ny zavatra izay tsy hay heverina, tsy takatry ny saina teo aloha dia azo sainana ankehitriny satria tsy manampetra ny fisainana sy ny fiheverana aterak'izany. Lasa mazava ny atao hoe "fiainana mandralizay" ary misokatra ho antsika kristiana ny lanitra

satria triatra niaraka tamin'izay, ao amin'i Kritis, ilay efitra mampisaraka antsika amin'Andriamanitra. Velona mandrakizay miaraka amin'izay ihany koa ny Finoana sy ny Fanantenana ary ny Fitiavana ireo telo izay mitoetra.

2. «Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, ...» (Matio 6:33b)

Ny vavaka nampianarin'ny Tompo dia milaza "ho tonga anie ny fanjakanao". Hitatsika teo fa mipetraka eo ankavanan'Andriamanitra i Jesoa Kristy. Entina milaza ny fahefana tsy manam-petra ananany izany. Tsy misy tsy efan'Andriamanitra (La Toute Puissance de Dieu) fa tiany isika, na dia mpanota aza, ho mpiara-miasa aminy (collaborateur), ka hanao ho vaiandohan-draharaha ny hikatsaka "ny fanjakany sy ny fahamarinany". Izany hoe hanao izay

TOHINY PEJY 3

"SAINO NY ZAVATRA ANY AMBONY ..."

hahatanteraka ny fanjakany sy ny fahamarinany " ety an-tany tahaka ny any an-danitra".

Ny voalohany amin'izany anefa (priorité des priorités) dia isika tsirairay, isam-batan'olona kristiana mino an'Andriamanitra Ray Zanaka ary Fanahy Masina. Isika tsirairay izay ambaran'i Paoly Apostoly ho "Tempolin'ny Fanahy Masina" dia tian'Andriamanitra hanjakany, ho tefeny ho tahaka azy Andriamanitra, omeny "hery ho tonga zanak'Andriamanitra". Miantomboka amintsika tsirairay avy ny "fanjakany sy ny fahamarinany". Rehefa izany dia irahin'Andriamanitra isika hampanjaka ny "fahamarinany". Tsy ny fahamarinana fe fahamarinana izay mety heverin'izao tontolo izao fa ny "fahamarinany" (Sa Vérité). Ny Tompo no lalana sy fiainana ary fahamarinana. Irak'Andriamanitra isika hitory sy hanambara an'i Kristy Fahamarinany. Hampanjaka ny Fitiavany eo anivon'ny fankahalana sy ny tsy fitiavana, haneho ny Fahamarinany manoloana izay mety ho fitaka sy "lainga tsara lahatra", hampanjaka ny Fanantenana sy ny Finoana ho an'izay very hevitra.

3. « Farany, ry rahalahy, na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona

mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona maha-te-ho-tia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izany. » (Filipiana 4:8)

Manefy antsika Andriamanitra ny hanana masom-panahy (discernement) mba hahay hijery sy hitazana ny toetra araka an'Andriamanitra amin'ny olombelona tsirairay manodidina antsika. Satria noforonin'Andriamanitra isika tsirairay avy "araka ny endriny" dia tokony ho hita taratra eny rehetra eny ny endrik'Andriamanitra miseho amin'ny fomba maro : manan-kaja; mahitsy; madio; maha-te-ho-tia; tsara laza; misy hatsaram-panahy; misy dera. ... Toetra avy any ambony tsara heverina ho soa fianatra avokoa ireo.

Isika efa nantsoina ho modely voalohany tahaka ny famporisihana nataon'i Paoly Apostoky an'i Timoty "... aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino ianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondran-tena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana." (1 Timoty 4:12b). Toetra avy any ambony avokoa izany. Toetra tsy avy amin'ny herintsika fa toetra avy amin'ny Andriamanitra ny hery rehetra (puissance de Dieu) izany. Ny Teniny no miasa manan-kery amintsika ary manefy antsika hamono ny tenantsika

ao amin'i Kristy voahombo fa hiteraka ho olom-baovao kosa ao amin'i Kristy nitsangana tamin'ny maty « mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra. » (2 Timoty 3:17)

Na dia mbola eto an-tany aza isika dia tian'Andriamanitra ny hiaina ny fiainana any an-danitra, ny fiainana amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika, na dia ampahany aza, ho santatry ny fahasambarana mandrakizay andrandraintsika (déjà pas encore). Ny Paska izay fahatsiarovana ny nitsanganan'i Jesia Kristy amin'ny maty dia miteraka fifaliana sy fananantenana ho antsika noho ny toky fa amin'ny maha-kristiana antsika dia hitsangana amin'ny maty ihany koa isika ary ho mpiara-mandova amin'i Kristy ny fanjakan'ny lanitra.

Velonany Tompontosika, ilay mipetraka eo an-kavanan'Andriamanitra, Ray Tsitoha koa "Saino ny zavatra any ambony ..." (Kolosiana 3:2a)

Mirary raha mirary Paska Sambatra ho antsika rehetra ry Havana !

Voninahitra ho an'Andriamanitra Irery ihany !

Pasteur Falimanana Raharindranto

EFA NIKODIA NY VATO

azy telo. Kanefa efa voakodia ny vato. Izany no antony andraisana izany ho lohaten'ity perikopa ity.

NY VATO?

Midika zavatra maro io vato io.

- Io vato io no mampisaraka ny maty amin'ny velona.

- Io vato io koa no mampisaraka ny fiainana sy ny fahafatesana

- ny maizina sy ny mazava.

Azo lazaina tsootra fa toa io vatobe io koa no vato nanidy ny fon'izy ireto ka tsy ninoany na dia efa nilaza tamin'izy ireo aza ilay zatovo. Hoy mantsy ny voasotra eto amin'ny and 7-8: " Fa mandehana, lazao amin'ny mpianany

sy Petera fa mialoha anareo ho any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo. 8Dia nivoaka izy ka lasa nandositra niala tamin'ny fasana, fa tora-kovitra sady talanjona izy; ary tsy mba nilaza na inona na inona tamin'olona izy, satria natahotra "

Nahoana izy ireto no nandositra? Satria tsy mifanaraka amin'ny sary ao am-pony sy ao an-tsainy ny zavatra hitan'ny masonry. Ny sary mibahana tao anatin'izy ireto dia Jesosy maty sy nalevina tao amin'io fasana io. Kanefa ny hitan'ny masonry dia fasana foana.

Hitantsika amin'izany fa na dia

efa voakodia aza ny vato dia toa mbola nisy vato misakana ny fo sy ny sain'izy ireto tsy hatoky sy hino fa efa nitsangana Jesosy. Mbola toy ny vato nanidy ny fon'ireto ny sary hitany talohan'izao teny amin'ny fasana izao: Jesosy voahombo, Jesosy maty, Jesosy nalevina. Hany ka tahotra sy fahanginana no nasetrin'izy ireto ny vaovao mahafaly nambaran'ilay Zatovo. Kanefa efa nikodia ny vato

EFA VOAKODIA NY VATO NAMPISARAKA.....

Hoy ny Kolosiana 3.1-4 novakiana

TOHINY PEJY 4

EFA NIKODIA NY VATO

tamintsika teo ry havana: “ Koa raha niara-natsangana tamin’i Kristy ianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin’ny itoeran’i Kristy, izay mipetraka eo an-tanana ankavanan’Andriamanitra. Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany. Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin’i Kristy ao amin’Andriamanitra. Raha hiseho Kristy fiainantsika, dia hiaramiseho aminy koa amin’ny voninahitra ianareo ”.

Inona koa no hevitr’izany rehetra izany ry havana?

- Efa voakodia ny vato nampisaraka ny maty sy ny velona, ny fiainana sy ny fahafatesana, “Efa niara-natsangana tamin’i Kristy ianareo”.

- Efa voakodia ny vato nampisaraka ny lanitra sy ny tany. “ Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin’i Kristy ao amin’Andriamanitra ”.

Ny hevitr’izany dia izao: rehefa mijery anao Andriamanitra dia ianao eo anilan’i Jesosy no hitany Jesosy ao anatinao no hitany...

INONA NY SARY MBOLA AO AMPONAO SY AO AN-TSAINTSIKA?

Tsy misy vato intsony ry havana mampisaraka ny fiainana any andanitra sy ny fiainana ety an-tany. Raha miteny ny Soratra Masina manao hoe saino ny zavatra any ambony, dia azo atao sy azo tanterahina izany.

Inona ny zavatra any ambony? Firahalahiana madio, fiarahamonina anjakan’ny fifankatiavana, fahamasinana.

Matoa isika tsy afaka manao izany dia mbola mitoetra amin’ny fahafatesana. Mbola misy vato ao am-po sy ao an-tsaintsika.

Nahoana no tsy afaka mihavana amin’ny namantsika isika? Mbola

mibahana ao am-po ny sarin’ily olona sy ny teny nataony.

Nahoana no tsy afaka mamela heloka ? Mbola misy sary marobe ao am-po sy ao an-tsaintsika. Mbola feno sary ratsy toy ny vatobe manakana antsika tsy handray ny tenin’Andriamanitra ny fonsika ry Havana.

Ny hafatry ny Pasaka ho antsika dia tsotra ihany: **ny herin’ny fitsanganana amin’ny maty no entin’i Jesosy manaisotra ireny vato ireny raha mino ny teniny isika. Raiso amin’ny finoana ny tenin’ny Tompo.**

Angataho ny Fanahy Masina mba hanazava ny fo sy ny saintsika ka hametraka ao am-pontsika ny sary tena izy: Jesosy Kristy Mpandresy ny Andriamanintsika ary manome antsika ny fandreseny sy ny fitiavany.

Pasteur Seth Rasolondraibe

“IL EST RESSUSCITE” Marc 16.1-8

Les femmes s’activent ; elles ont acheté, la veille au soir, les aromates ; elles partent ensemble au tombeau ; elles se font part de leur souci majeur : “Qui nous roulera la pierre ?”

Et voici que, dès l’instant où, levant les yeux, elles voient la pierre roulée, elles sont elles-mêmes réduites à l’état de pierres ! On ne sait ce qui leur arrive. De sujets, elles deviennent objets. Plus un geste, plus une parole, jusqu’au moment où elles s’enfuient du tombeau pour se murer désormais dans le silence.

“Un jeune homme parle ! Il est là pour cela, pour dire une parole, mais ce n’est pas la sienne. C’est pourquoi il ne convient pas qu’il soit trop éblouissant, qu’il fasse trop de bruit, qu’il ait l’air d’un héros. Non ! C’est un “jeune homme”, comme Marc nous l’a dit.

Cet élément de “merveilleux” qu’est la présence de l’ange n’est pas destiné à enjoliver le récit, ni à fournir une preuve externe de la réalité de l’événement. Il a une profonde signification théologique : il dit, avec sans doute plus de

sobriété et de vérité que n’importe quel raisonnement, et peut-être de la seule manière possible, que Dieu est passé, qu’il a agi, qu’il a introduit dans l’impossible humain son possible, et que désormais, il n’est plus besoin d’aromates.

“Vous cherchez Jésus de Nazareth, le crucifié : il est ressuscité, il n’est plus ici.”

La parole de l’ange s’adresse toujours à nous. Toute recherche de Jésus et de son enseignement qui fait l’économie de la foi en la résurrection, ou ne voit dans cette dernière qu’un symbole de cet enseignement, n’est que recherche d’un mort et d’une parole morte. L’Evangile n’a de vérité et de force que parce qu’il est une personne en même temps qu’une parole. En dehors de cette personne, l’Evangile peut subsister comme doctrine et religion, non plus comme puissance.

“Allez dire à ses disciples et à Pierre...” : Pourquoi cette distinction entre les disciples comme groupe et Pierre ? La mention “et à Pierre” est peut-être là pour attester que l’apôtre, dont on n’a plus entendu parler depuis son reniement,

n’a pas été à jamais disqualifié par son reniement, et qu’il est réinvesti de sa charge.

“Il vous précède en Galilée ; c’est là que vous le verrez.” : la mention de Galilée comme lieu où les disciples verront le Ressuscité est liée, semble-t-il, à la place que tient ce pays dans l’Evangile. C’est en Galilée que les disciples ont été appelés et envoyés en mission. C’est la terre où Jésus leur a donné, en même temps qu’aux foules, l’Evangile du Règne, où ils ont été sans cesse avec lui, et ont avec lui tout partagé. L’apparition en Galilée est le signe que le Ressuscité et Jésus de Nazareth sont un seul et même Maître, et que ce Maître va continuer à travers eux, par l’Eglise, la mission entreprise avec eux dans les jours de Galilée.

Le ministère recommence au bord du lac, ou plutôt, il se continue d’une autre manière. Il se continue avec nous...

Jean VALETTE

Extrait du livre: L’Evangile médité par les Pères, Marc Editions Olivétan, pp 153-154